## Antananarivo Renivohitra 3

**Misy tsy milamina ny resaka fampanofana trano**

## Fiainan'antoko 3

**Tafajoro ny biraon'ny Jeunes TIM Talatamaty**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 11 aprily 2023 Laharana 1423 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Coach Rôrô, Barea Chan 5

**Lasa ambasadaoron' ny Telma Madagascar**

## Randriamanga William Henri 2

# Voatahiry ao amin'ny tantsaha ny fitiavana an-dRavalo sy ny TIM





## Mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi 2

# "Mitsangàna amin'ny maty, dia hampahazava anao i Kristy!"



## Maty voatifitra i Djaffar 6

# Notafihan'ny jiolahy ny fiaran'ny zandary nitondra azy tany Tsiafahy





## Hatramin'ny alakamisy izao 7

# Niakatra ho 20.000 Ar ny saran-dalana Antananarivo-Antsirabe



## Radio Feon'Imerina 6

**Rindran-kira ho anao ny alahady izao**

## TIM Vavatenina 2

**Nanentana amin'ny fisoratana amin'ny lisi-pifidianana**

## Daka kely

Tsy tafa intsony ialahy ry Boaikely na hihosotra menaka manitra any amin'izay alehan'ialahy any aza a !

**RANDRIAMANGA WILLIAM HENRI**

# Voatahiry ao amin'ny tantsaha ny fitiavana an-dRavalo sy ny TIM

Tao aorian'ny hetsiky ny Dis-TIM Manjakandriana tany Sambaina ny herinandro teo ary natrehan'ny filoha nasionaly Marc Ravalomanana, naneho ny heviny mahakasika izany ny filohan'ny Dis-TIM Manjakandriana, Randriamanga William Henri. Afa-po tamin'izany hetsika natao izany izy ireo, na nisy aza ny fanakanana nataon'ny mpitandro filaminana ny filoha Ravalomanana niantsena tany Manjakandriana. Na teo aza ny ramatahora nataon'ny mpitandro filaminana sy ny mpifanandrina politika tamin'ny vahoaka, tonga ihany izy ireo na tsy araka ny nantenaina aza hoy ity mpitarika ny antoko TIM any Vakiniadiana sy Vakinimananara ity. Ireny dia manapoforo, fa mbola manana ny tanjany ny antoko TIM any Manjakandriana hoy ity mpanao politika ity. Tamin'ireo kaominina 12 izay efa voatsidika, manamafy ny ankamaroan'ny mponina fa tsy miala amin'i Dada, tsy miala amin'ny filoha Marc Ravalomanana, mbola voatahiry ao amin'ireo tantsaha ny fitiavana ny filoha Marc Ravalomanana, sy ny antoko TIM any Manjakandriana. Raha ny rafitry ny antoko, kaominina 4 sisa no tsy nahatafapetrahana Foko-TIM sy COM-TIM, hitohy any Ankazondandy izany tsy ho ela. Manoloana ny krizy eto amin'ny firenena, sy ny krizy mahazo ny vahoaka amin'izao fotoana, tsy ampy ny mitaraina hoy Randriamanga William Henri, fa raiso ny andraikitra, ny fandraisana andraikitra dia ny fandehanana hifidy, ka mialoha izany



*Ny filohan'ny Dis-TIM Manjakandriana, Randriamanga William Henri.*

dia tsy maintsy misoratra anarana ao anaty lisi-pifidianana aloha. Azo lazaina ho mavitrika ny olona amin'ny fisoratana anarana amin'ny lisi-pifidianana hoy izy, any Manjakandriana tapany avaratra dia mahatratra 73% eo izany ankehitriny, ny any amin'ny tapany atsimo toy ny any amin'ny kaominina Alarobia dia mihoatra ny 100% aza izany, ka eo no tsy maintsy ilana ny fanaraha-maso hoy ihany ity mpanao politika ity.

**Isambilo**

Mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi

# "Mitsangàna amin'ny maty, dia hampahazava anao i Kristy!"

Noho ny fetin'ny Paska 2023 ny faran'ny herinandro teo, nisy ny hafatra avy amin'ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi, filohan'ny Fjkm, sady filohan'ny FFKM : "mitsangàna amin'ny maty!"(Efes 5 : 14).

"Ry havana malala,
« finaritra! fiadanana ho anareo!", hoy i Jesoa Kristy tamin'ireo mpianany, raha nitsangana tamin'ny maty izy, ary hoy izy aminao koa androany! miarahaba antsika noho izao Paska 2023 izao.



*Ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi.*

Ianao sakaiza manody, mody manoroka nefa mamadika, toa an'i Jodasy Iskariota, adalam-bola ka namadika ny tompony tamin'ny sekely 30:
"mitsangäna amin'ny maty!".

Ianao feno hafanam-po diso toerana, toa an'i Petera nikapa ny sofin'i Malko mpanompon'ny mpisoronabe :
"mitsangäna amin'ny maty!"

Ianao mpitarika be resaka nefa tsy mena-mivadika toa an'i Petera nandà intelo ny tompony; ny zavatra nilokalokana hafa, nefa ny tena atao hafa:
"mitsangäna amin'ny maty!"

Ianao mpianatr'i Kristy, nefa toy ireo mpianatra kanosa, nitsoaka natanjaka na nitsoaka nitanjaka nony tojo ny mafy:
"mitsangäna amin'ny maty!"

Ianao mpitsara tsy sahy mijoro amin'ny fahamarinana, manameloka olona hitanao ho tsy meloka, manasa tanana ho poron'ny fialana andraikitra feno hakanosana, toa an'i Governora Pilato:
"mitsangäna amin'ny maty!"

Ianareo izay maniratsira an'i Jesoa Kristy, manao azy ho fihomezana, toy ireo nampisatroka tsilo sy nikapoka ary nandrora azy:
"mitsangäna amin'ny maty!"

Ianao mpitondra fivavahana mpambosy vahoaka hiantsoantso ny "homboy! homboy" noho ny fialonana:
"mitsangäna amin'ny maty!"

Ianareo vahoaka vokisan'ny manam-pahefana lainga, asesika hamono olo-marina, dia roboka tsy amim-pisainana; asaina mifidy dia jiolahy no fidiana, toy ireo vahoaka tao Jerosalema fahizay:
"mitsangäna amin'ny maty!"

Ianareo vahoaka mpivadibadika: anio miantso hoe: "hosana", avy eo miantso hoe:"homboy!":
"mitsangäna amin'ny maty!"

Ianareo diso finoana toy ireo vehivavy nihazakazaka maraina ho eny amin'ny fasana nefa tsy nahita afa-tsy fasana foana:
"mitsangäna amin'ny maty!"

Ianareo lehilahy resimbavy, ka nahatonga ny vehivavy ho lasa mpitory voalohany ny filazantsaran'ilay nitsangan-ko velona; ianareo lehilahy nitorian'ny vehivavy ny filazantsara nefa tsy nino :
"mitsangäna amin'ny maty!"

Ianareo izay toy ireo miaramila Romana nofahanam-bola, nanaovana kolikoly, dia lasa nampiely lainga :
"mitsangäna amin'ny maty!"

Ianao izay efa nandre sy namerimberenana ny tenin'i Kristy, nefa mafy fo sy be saina tsy mety mino toy ireo mpianatra fahizay:
"mitsangäna amin'ny maty!"

Ianao taranak'i Tomasy be fisalasalana, tsy mety mahatakatra fa "sambatra izay tsy nahita nefa nino":
"mitsangäna amin'ny maty!"

Eny, "mitsangàna amin'ny maty, dia hampahazava anao i Kristy!"
dia ho Paska vaovao ho antsika anie ity Paska 2023 ity! ho voninahitr'Andriamanitra irery ihany! amen."

**Nangonin'Isambilo**

TIM Vavatenina

# Nanentana amin'ny fisoratana amin'ny lisi-pifidianana



*Ny fidinana ifotony nataon'ny TIM Vavatenina tany Tanamarina.*

Nanentana ireo mponina ny mpikatroka avy amin'ny antoko TIM any amin'ny distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo, mba hiditra anaty lisi-pifidianana. Ny Alakamisy lasa teo izy ireo no nanatanteraka izany, notarihin'Andriamatoa Flavien, ka tao amin'ny kaominina Tanamarina no nanaovana izany. Nankasitraka ihany koa izy ireo ny toromarika avy amin'ny : Vice Président National Tim Province Tamatave , ny Président REG-TIM Antsinanana , ny Coach Agnalanjirofo: depiote teo aloha Rasomotra na Mananjara Fidison. Fidinana ifotony hatrany amin'ny fokontany no natao tamin'izany hoy ny mpitarika any Vavatenina, Andriamatoa Flavien.

**Niaina**

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Tsy famelana hivory ankalamanjana

## Mandrora mitsilany ireo ministra 2, teny tsy am-piheverana no betsaka

Taorian'ny teny nataon' ny Minisitry ny ati-tany Tokely Justin, momba ny fanakanana ny fanaovan' ny mpanao politika hetsika ankalamanjana ireny, dia efa niaraha-naheno ny akom-baovao teto an-toerana nipaka hatramin'ny tompon'andraikitra vahiny samihafa naneho, fa "teny tsy am-piheverana " tokoa raha atao in-dray mijery ireny teny ireny. Ny olon-tsotra ihany koa izay nanontanian'ny mpanao gazety teto amin'ny Ny Valosoa sy ireo izay tehamoaka ny heviny dia samy namaly toy izao manaraka izao: ny fanaovana hetsika an-dalambe no voarara fa tsy ny famoriam-bahoaka hoy ny ministra Lalatiana Rakotondrazafy, ka hoy ireo zokiolona sendra ny gazety teny am-pakana fisotroan-dronono nanao hoe: miteniteny foana io minisitra io, satria ny eny ankalamanjana no sakanana ka raha vao nahita an-dRavalomanana nandeha an-tongotra tany Sambaina sy Manjakandriana iny dia lazaina fa manao hetsika an-dalambe.

Ankoatra izany, nisy ny nilaza fa ny filoha Marc Ravalomanana no nahatonga ny fitohanana tany amin'ny làlampirenena faha-2 iny raha ho any Manjakandriana, nefa ny zandary no nanakana azy sy ireo fiara marobe nifamezivezy, ary raha nandray ny anjara fitenenana izy tany an-toerana dia fanentanana olona hisoratra anarana amin'ny lisitry ny mpifidy no nimasoany, hoy ny mpiompy sy mpamboly avy any Sambaina sendra ny mpanao gazety. Mandrora mitsilany ireo minisitra 2 voatonona ireo, hoy ny tanora vitsivitsy, raha mbola tsy ampy taona izahay tamin'ny 2009; ankehitriny kosa vita fianarana sy mamoaka feo manao hoe: famikiran-tseza sy atao tohatra fiakarana no tena fonosin'ny ekipan-dRajoelina. Ireo very asa tao amin' ny Air Mad sy orinasa Tiko izay nanatona ny mpanao gazety moa dia samy nitovy hevitra nanao hoe: aleo haneho ny anjara heviny malalaka ny mpanohitra, ka mba ho afaka mampiasa fanamafisam-peo amin'izay tiany, fa tsy raràna araka ny feo azo any rehetra any, mitady hanimba amin 'izay ankalamanjana tian-kaleha. Mazava izany avy amin'ireny fanapahan-kevitra ireny, fa atao daholo izay fomba hanakanana ny mpanohitra, ka ny filoha Marc Ravalomanana mihitsy no tena tohanana amin'izany noho ny fahatahorana azy. Tahotra tokoa no lehibe indrindra amin'izao fitondrana Rajoelina izao.

**Beharo**

## TONONKALO

## Miantso mpianatra mahay mamaky teny

Miantso mpianatra an-tsekoly havanana amin'ny vakiteny,
Hijoro tsara eo anoloan'iretsy manam-pahefana,
Ka hamaky ny lalàna mba ho fantatr'izy ireny,
Sy tsy hanaovany intsony ny di-doha sy ny hadalana !

Tsy izay tian'ireo mpitondra, tsy izany no arahina,
F'efa misy ireo voasoratra sy voarakitra ho lalàna.
Ny vahoaka maro an'isa, aoka kely tsy hofitahina,
Fa meteza hanatanteraka, aza asiana fanovàna.

Raha mikasa ny hanova, misy anie ny antenimiera .
Mandehana maka ny heviny, atsaharo ny amboletra.
Aza tia manapa-drery, aza tia mihoerahoera,
Fa andeha hajao ny rafitra izay eken'ny rehetra.

Miantso mpianatra an-tsekoly havanana amin'ny vakiteny,
F'efa mila solomaso iretsy manam-pahefana.
'Ndeha vakio, ampahafantaro sy avereno mba ho reny,
Ny lalàna manan-kery, tsisy ampiana na analana !

...Aza ovàna ireo voasoratra, f'io tsy fety ery an-kianja
Ka izay mampientanentana no ezahina hovoizina.
Ny mpitarika mahay dia mila koa mandanjalanja,
Fa tsy faly mampiray ny vatomamy sy ny poizina !

**IRINA HO TAFITA (07-04-23)**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina


# Sady tsy demokraty no mpanitsakitsaka ireo lalàna

Miha-maizina tsy ifankahitana intsony ny hazavana misy, eo amin'ny fahalalahana maneho hevitra na an-tsoratra na amin'ny haino amanjery na amin'ny tambazotran-tserasera; ny tsy fananana zo manao hetsika ho fanoherana ny tsy rariny sy ny tsy hitsiny eo amin'ny sehatra rehetra; indrindra indrindra ihany koa ny fanakanana ny olompirenena mivezivezy eto amin'ny Fireneny. Araka izany dia ny mahavariana amin'ity fitondrana miseho ho demokraty sy mpanaja lalàna ity dia ny fampisehoany eo amin'ny ataony rehetra, fa sady tsy demokraty izy no mpanitsakitsaka lalàna eny hatramin'ny Lalàmpanorenena aza. Tsy misy afaka mandà fa matoa eny amponja ny mpampananeno lakolosy sy ny mpanao gazety ary tompona orinasan-gazety dia midika fanapenam-bava ny sehatra fanaovan-gazety izany. Sakanana tsy mahazo mamory mpiray tanindrazana, amin'ny toerana izay tiany ny mpanao politika mpanohitra dia fanaovana mizana tsindrin'ila izany, satria ny mpiray làlana amin'ny mpitondra dia mahazo manao izany na aiza na aiza, ary amin'ny fotoana izay tiany. Eo koa ny fanaovana ampihimamba ny haino aman-jerim-pirenena, ka tsy misy olompirenena mahazo miteny ao. Mampiteny ny moana ny fanakanana ny Filoha Ravalomanana Marc, tsy ivezivezy eto amin'ny Fireneny kanefa dia zom-pirenena iray ihany no zakainy dia ny Malagasy. Ambonin izany, mizaka ny « statut » na sata maha filoham-pirenena azy izy, ka tsy rariny ny fanaovana izany aminy. Ny fialàna ilany ataon'ny herim-pamoretana dia ny fitenenana fa mamita iraka izy ireo, sady manatanteraka baiko toy ny miaramila avy atsy Afrika tamin'ny fanjanjahantany, ka tsy afaka manavaka ny baiko mifanaraka amin'ny lalàna sy manaja ny rariny sy ny hitsiny no tanterahiny. Milaza ireo tandapa fa izay lazain'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina amin'ny fomba ofisialy dia manankery toy ny lalàna, ka midika izany fa sady Fahefana Mpanatanteraka no Fahefana Mpanao Lalàna izany izy tenany. Tsara ho fantatra anefa, fa na any amin'ireo firenena misy Fanjakan'andriana aza dia tsy manana izany fahefana izany ny Mpanjaka. Solombavambahoakan'i Madagasikara no isaloran'ny Parlemantera tsirairay, ka nahoana no ferana ho ao amin'ny Distrika nahalany azy ihany izy no afaka mamory vahoaka sy manao tatitra ary ferana ho izay lahadinika na lalàna nankatoavina tamin'ny fivoriana farany ihany no azo hanaovana tatitra. Midika izany fa efa « fahefana » manokana afaka mamoaka lalàna toy ny Parlemanta izany ny Minisiteran'ny Atitany eto amin'ity Firenena mahantra olona manam-pahendrena ity. Ireo tranga ireo dia tsy voarakitra amina andinin-dalàna fa « fanambarana » navoakan'ny minisiteran'ny Atitany, ka tsy mahafantatra ny antana-tohatry ny fifampifehezana eto amin'ny Firenena izany ny mpitantana ity Departemanta ity. Ny mampatahotra ihany koa dia ny tsy fanajana ny fisaraham-pahefana, ka sahirana ny olompirenena satria tsy fantany intsony iza no manao inona, ary mifangaro sy mifanitsaka ny andraikitry ny andrim-panjakana isan-tokony. Manaporofo izany dia toa tsy fantatry ny filohan'ny Repoblika izay tena andraikiny, sy asa mifanandrify amin'ny toerana misy azy, satria sady filohan'ny Repoblika izy no filohan'ny Antenimierampirenena. Manararaotra ny maha filohan'ny CSM (Conseil Supérieur de la Magitrature) izy ka tsy mahafantatra, fa fahefana roa mahaleotena ny Fitsarana sy ny Mpanatanteraka, kanefa izy sahy manome baiko ny mpitsara rehetra isan'ambaratonga amin'ny didy izay tokony havoakany. Hatramin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana (HCC) aza dia mamoaka didy miendrika fanambarana politika kanefa ity andrim-panjakana ity no mpiaro sy sarotiny amin'ny fanajana ny Lalàmpanorenana. Araka izany raha ireo tranga ireo no hadihadiana dia ny Lalàmpanorenana mihitsy no tsy hajain'ny mpitondra isan'ambaratonga, ka tokony hamolavola Lalàmpanorenana hanome vahana ny « fanjakan'ny baroa » izao fitondrana izao. Samy manana ny demokrasiany ny ankolafin-kery rehetra misy eto amin'ny Firenena. Samy manao izay saim-patany ny manam-pahefana tsirairay, ka tsy mifampatoky intsony. Marary ny Firenena, efa mihohoka amin'ny tany ny Malagasy, ka azo tambatambazana amin'ny patsa indray mahandro, mamoritra ny vahoaka ireo milaza tena ho mpiaro ny vahoaka sy ny fananany. Na izany na tsy izany, malemy ny mpitondra miantehitra amin'ny basy ama-tafondro satria "izay be no basy", hoy ny fahendrena Malagasy.

***Andry Tsiavalona***

**FIAINAN'ANTOKO**

# Tafajoro ny biraon'ny Jeunes TIM Talatamaty



*Ireo mpitantana ny biraon'ny Jeunes TIM Talatamaty.*

Tafajoro ny faran'ny herinandro teo ny birao mpitantana ny tanora n any Jeunes TIM Talatamaty ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Ny sabotsy teo ihany koa no natolotra tamin'ny fomba ofisialy ny COM-TIM ao an-toerana, izany birao vaovaon'ny Tanora TIM ao an-toerana izany.

Filoha : Rarivoson Zo.
Filoha lefitra : Fifalianaraharimalala Fitiavana.
Mpitambola : Rahantarimanana Jenny.
Mpitan-tsoratra : Andrianatoandro Andonantenaina Volana Veronique Mamitiana.
Mpanolo-tsaina : Rafanomezantsoa Jimmy sy Razafindratsimba Lalaina Nirina.

Nisongadina nandritra ny fandraisam-pitenenana tamin'io fotoana io, fa hanohy ny fanentanana ireo olona tsy mbola nisoratra anarana amin'ny lisitry ny mpifidy, hanatona ny fokontany, ny birao mpitantana ny tanora TIM Talatamaty. Niantso ko aizy ireo ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko, hirotsaka hofidiana ho filoham-pirenena indray, hanavotra ny firenena Malagasy, sy ny vahoaka ao amin'ny izay tena sahirana tokoa amin'izao fotoana.

***Niaina***

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

**Antananarivo Renivohitra**

## Misy tsy milamina ny resaka fampanofana trano



**Nanou Razanadrakoto :** ity resaka fampanofana trano ato anatin'ny commune urbaine Antananarivo ity ve mba misy lalànany sa mandeha gaboraraka fotsiny e?
Trano tsy manana Wc sy douche , tafo goaka ny sasany, tranonomby, tsisy varavarakely na iray ara, zara raha misy 2m ny trano sasany ahofa: 2m ny habeny! fa ndao dia trano ahofa foana hono zany.
Ny resaka MPANERA koa tsisy fitsipika fa 25000/trano jerena na toy izay aza ny trano jeren'ny mpanjifa.
Mbola misy fanjakana mijery ve o? aiza ho aiza ny fijerena ny convivialité ahafahana mampanofa trano? ny lalana miditra amin'ireny trano ireny moa dia zara raha lalana: matetika kisilasila, tsy vitan'ny tsy tafiditra fiara, moto, etc… fa na ny tongotra aza sahirana mandeha aminy.
Jereo ihany fa ny trano dia ilain'ny olombelona rehetra ary ny tena olana dia tsy araka ny tolotra ny vidiny fa lasa fanararaotana. Inona ny fampandrosoana hisy raha vahoaka harary ny ankamaroany?
Ankatso sy ny manodidina rehetra hatrany Andraisoro , Tsarahonenana, Anosibe, 67ha, Ambatomaro, Soamanandrariny, Mahazo, ireo aloha no tadidiko sy misy porofo betsaka amin'ity fampanofana trano tsy milamina sy misy fanararaotana ity. Ny manodidina ny Université Ankatso ity no tena loza.

**Mino-Elisoa Raza :** manan-ko lazaiana ny avy aty Adilambato ô ! Voalazanao tsotr'izao ny tena izy sy ny marina. Saingy indrisy e ! Sendran'izay mpanjanaka/vazaha taratasy ny mpitondra ary ilay iraika lahy ben'ny tanàna Naina Vazahabe mihaingo ambony tsikoko no tena mampahantra ny vahoak Malagasy ary ataony lisaka @ fandoavana "hetra trano". Dia izao hiaraha-mahita izao fa MPANJANAKA @ fomba vaovao no mambotry tanteraka sy mamono an-kolaka ny Malagasy ary ireo vahiny kosa, dia tena manjakazaka sy manao izay danin'ny kibony eto @ tanin'ny tompony, no sady omeny "vahana" soa amantsara sy tsy misy bedy e !

**Nanou Razanadrakoto: Mino-Elisoa Raza :** tena gaboraraka ny misy aty . Tena henjana sady fisolokiana no betsaka oah! trano raisinao alarobia dia miakatra ny hofantrano ny alahady. Gaboraraka sy feno fanararaotana tanteraka.

**Ambatomanitrasina Vohitra Masina :** eto Madagasikara sy ny gaboraraka isika.

**Nanou Razanadrakoto: Ambatomanitrasina Vohitra Masina :** henjana be an. Asa raha mba ho hitan'ny mpitondra ny manjo ny vahoaka?

**Lala Mia :** tena misy mpanera tsy matahotra an'Andriamanitra mihintsy, satria tsisy lalàna mifehy. Dia manao izay danin'ny kibony tokoa izy ireo.

**Nanou Razanadrakoto: Lala Mia :** loza oah! dia ny tompontrano koa tena manao izay danin'ny kibony ny betsaka.

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

LW, DR

**Fivoriana nataon'ireo mpitarika ny antoko TIM tany Ambanja faritra Diana ny herinandro lasa teo.**









**Ny faharatsian'ny lalana any Soanindrariny, Sahanivotry distrikan'Antsirabe II, faritra Vakinankaratra.**










## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandôndôna no hovohana."*
***Matio 7:8***

**COACH RÔRÔ, BAREA CHAN**

# Lasa ambasadaoron'ny Telma Madagascar


*Coach Rôrô.*

Lasa ambasadaoron'ny orinasa Telma ihany koa i Coach Rôrô, na Rakotondrabe Romuald Félix, mpanazatra ny Barea Chan, noho ny zava-bitany sy fahombizana azony nisalotra ny laharana faha-3 tamin'ny nitondrany an'ity Barea ity, tany amin'ny fifaninanana Chan Algérie 2023 farany teo. Ho fanohizana ny fanohanany ny Baolina Kitra Malagasy, no anton'izao fiaraha-miasa matotra amin'i « Coach Rôrô » ataon'ny Telma izao. Tsy hitsahatra hatreto izany fanohanana ataon'ity orinasa ity ny FMF sy ny Barea ary ny baolina kitra Malagasy izany, mba hoenti-mandrisika ny fientanam-pon'ny Malagasy tsy mandady harona, hiray fo hanohana ny ekipantsika. Avy amin'ny fianakaviana tsotsotra fiaina i Coach Rôrô ary manazatra teny maodely ho an'ny Malagasy maro, fa mahasoa ny fiaraha-monina ny fanehoana talenta toy ny azy. Nilaza ity mpanazatra ity, fa mbola vonona hanandratra avo hatrany hatrany ny voninahi-pirenena, amin'ny alalan'ny baolina kitra ny tenany, araka izay hanendrena azy amin'ny ho avy.

***Rainilita***

**Semaine de la Télécommunication 2023**

# Hantanteraka izany ny ESPA Vonotovorona tohanan'ny Telma


*Valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny Andraharo.*

Hanatanteraka ny hetsika « Semaine de la Télécommunication 2023», hiarahany misalahy amin'ny orinasa Telma eny Vontovorona, ny fivondronana mpianatra amin'ny fikambanana “Groupement des Etudiants en Télécommunication de l'ESPA Vontovorona”, anio talata 11 ka hatramin'ny zoma 14 aprily 2023 ho avy izao. Efa hatrany amin'ny taona voalohany nianaran'ireto fivondronana mpianatra eny amin'ny Polyteknina Vontovorona ireto, no nanome fanampiana hahafahan'ireo mpianatra misedra asa avy hatrany tsy amin'ahiahy rehefa hanatanteraka an'izany ny orinasa Telma ary amin'ny maha- mpiara-miombon'antoka mavitrika an'ity orinasa ity amin'ireo Oniversite eto amintsika, sy amin'ny maha-mpisehatra manantantara azy eto Madagasikara sy aty Afrika eo amin'ny sehatry ny fifandraisan-davitra, izay kitro hifaharan'ny toekarena amin'ny ankapobeny, no tsy nisalasalan'izy ireo nanampy an'ity hetsika ity. Fotoana hahafahan'ireo mpianatra ao amin'ny ESPA mampisongadina ny fahaiza-manaon'ny tsirairay avy ity hetsika ity, sady ihany koa fotoana hahazoan'ireo mpisehatra amin'ny TIC mihaona sy mifanakalo hevitra bebe kokoa. Fandaharam-potoana mandritra ny 4 andro : 11 aprily 2023 : -Matin : « Conférence d'orientation métier pour les étudiants », -Après Midi : « Finale e-sport », 12 aprily 2023 : -«Concours mini-projet, 13 aprily 2023 : -« Jardinage », « Matchs Interclasses (foot, basketty, volleyball)", 14 aprily 2023 : -« Grands réception pour accueillir les nouveaux étudiants Lt et Pot d'adieu M2».

***Rainilita***

**Baolina Kitra Vehivavy Malagasy**

# Nanatanteraka seminera ho azy ireo ny FMF sy ny UEFA


*Seminera Baolina Kitra Vehivavy Malagasy.*

Nanatanteraka seminera ho an'ny Baolina Kitra Vehivavy Malagasy, teny amin'ny Hotel Novotel Alarobia ny herinandro teo, ny mpikambana vehivavy mpitantana an'izany eo anivon'ny FMF sy ny solontenan'ny UEFA mandalo eto amintsika. Anisan'ny nandray anjara tamin'izany Ramatoa Resampa Myria Josée Resampa, vadin'ny minisitry ny tanora sy ny fanajatanjahantena Malagasy am-perinasa, sy ireo tompon'andraikitra vehivavy isan-tsokajiny eo anivon'io Minisitera io. Natao izany ho famolavolana ny paikady ho entina hampandrosoana sy hampiroboroboana ny baolina kitra ho an'ny vehivavy eto amintsika.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Sofin-kisoa sy anamamy ritra indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny ravina corossol

Ny soa azo avy amin'ny ravina corossol indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ireto avy ny zava-tsoa azo avy aminy:
- Fanafody cancer na homamiadana.
- Manala fanaintainana amin'ny vanin-taolana, ohatra: ny goty.
- Mampatanjaka ny hery fiarovana.
- Fanafody kibo, mivalana.
- Manampy amin'ny fanalana ny tsy fahitana tory.
- Fanafody diabeta.
- Mety ho an'ny lehilahy manao olana amin'ny filahiana.


Atao tambavy izy dia sotroina. Tsy afaka misotro izany ny bevohoka sy ny mampinono.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambodiampana distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Ambodiampana distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambodiampana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 8 mandrafitra ny distrikan'i Soanierana Ivongo. Any afovoany atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Mbola azo lazaina ho iva toerana izy, satria 58 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny kafe, ny voankazo toy ny akondro, ny manga, ny letchi.



MATY VOATIFITRA I DJAFFAR

# Notafihan'ny jiolahy ny fiaran'ny zandary nitondra azy nankany Tsiafahy

Notafihan'ny jiolahy ny fiaran'ny zandary mpitondra voafonja nankany Tsiafahy ny zoma alina teo, maty voatifitra tamin'izany i Djaffar. Lavo i Djafar, karana jiolahy mpaka ankeriny, naratra voatifitra ny zandary iray, fitaovampiadiana maro sarona, rotiky ny bala ny fiaran'ny Zandarimaria iray. Ireo no vokatry ny fanafihan'ny naman'i Djaffar teny amin'ny lalana ho eny Tsiafahy, ny alin'ny 07 aprily 2023, araka ny vaovao nampitain'ny avy ao amin'ny Zandarimariampirenena.
Araky ny angom-baovao voaray teo anivon'ny Sampana mpikaroka heloka bevavan'ny Zandarimaria etsy Fiadanana (SRC) dia nikasa hanatanteraka asan- jiolahy goavana i Djaffar sy ny namany, raha fantatra fa ho tapitra tsy ho ela ny saziny eny Tsiafahy noho ny trangana fakana ankeriny tany aloha.
Noho izany dia nandalo famotorana lalina teo anivon'ny SRC indray izy ny andron'ny zoma 07 aprily ary naborany avokoa ny ambaindain'ny fikononkononana hataon'izy ireo ; notsirihina ny tranon'ny namany iray teny Ankadiefajoro izay efa maty, sy ny an'ireo namany, ka basy mahery vaika miisa 3 (02 kalach, 02 PA sy bala maro no sarona).
Rahefa vita ny famotorana dia naverina eny Tsiafahy izy, kanefa teny andalana dia nanaovan'ireo namany sakana velam-pandrika ny fiaran'ny SRC, izay nisy an'i Djafar sy ireo zandary. Jiolahy sahabo ho 4 nitondra moto scooter no nanafika. Tifitra variraraka no nataon'ireo jiolahy. Voatifitra teo amin'ny sandriny ny zandary mpamily, voatifitr'ireo namany tandrify ny lohany tsy nahy koa i Djaffar ka lavo avy hatrany. Namaly tifitra ireo zandary sady nanenjika, ka nianjera ilay moton'ireo jiolahy, nirifatra nilefa ireto farany ary dify tao anaty haizina. Basy poleta iray no hita teo amin'ny nianjerany.
Nentina namonjy hopitaly haingana ilay zandary naratra, ka efa manaraka fitsaboana sahaza sy handalo fandidiana. Mitohy ny fihazàna ireo jiolahy nilefa, sy izay rehetra nitsikombakomba amin'izy ireo. Mitohy ihany koa ny famotorana lalina ireo sakaizany miisa 3, izay mahafantatra tsara ny fikasan'i Djaffar sy ireo namany, izay efa ety ivelany hanao fakàna ankeriny.



*Djaffar, ilay jiolahy maty voatifitra ny zoma alina teo.*

**Stefa**

Fiaramanidina kely tojo olana

# Tafajanona teny an-tanimbary ihany

Nieren-doza, izay no azo ilazana azy, tafajanona teny an-tanimbary ihany ilay fiaramanidina kely tojo olana teknika teny ambony teny.
Voatery nidina haingana namonjy izay toerana afaka hijanonana ity fiaramanidina kely iray, rehefa tojo tsy fetezana teny ampanidinana.
Teny an-tanimbary tao Ambalika Kaominina Betsako, Distrikan'i Mahajanga II, Faritra Boeny, no tafajanona ilay fiaramanidina ny sabotsy 08 aprily teo, tokony ho tamin'ny iray ora sy sasany tolakandro. Azo lazaina ho tsara vintana ireo olona roa tao anatiny, izay Malagasy ny iray, ary frantsay ny iray, mpanamory sy ny tompon'ilay fiaramanidina.



*Ilay fiaramanidina tafajanona teny an-tanimbary.*

**Stefa**

Radio Feon'Imerina

# Rindran-kira ho anao ny alahady izao

Hisokatra ny Alahady 16 Avrily 2023 amin'ny roa ora sy sasany, etsy amin'ny CC Esca Antanimena, ny fankalazana ny faha-25 taonan'ny Radio Feon' Imerina , marihina fa ny taona 1998 no nandeha voalohany ny Radio Feon'Imerina , rindran-kira goavana sy miavaka no hanombohana ny fankalazana .
Miavaka tokoa satria ireo mpanakanto zokiny indrindra no hiaka-tsehatra, toa an' i Fidimalala sy ny Angolan'Imerina , Abel Ratsimba , Salomon sy Lizah Raseta , Tovo Andrianandraina, Razedra sy Ralanto, J. Andriamanantena, Mamy Rakotoarimalala sy ny Gasy Miangola, Tarika Jean Luce sy Lala, Narisoa, Ny Alondrano, Noely sy ny Sakelidalana, ary ireo mpanakanto tanora ahitana an'i Faniry Raelison, hihira ny sangan'asan'ny raibeny i Rolland Raelison sy Andriampaniry mianadahy, izay niavaka ny fandraisan'izy ireo anjara tamin'ny fankalazana ny faha-90 taonan'i Gabhy. Hanentana ny fampisehoana , i Tiana Ratovondriaka sy Moreno Nicole ary Ndrema.
Noraisin'ny Radio Feon'Imerina ho zava-dehibe ny manome sehatra ireo zokiolona efa nahazo taona ireo satria, sady fanomezamboninahitra azy ireo, no voaporofo ihany koa nandritra ny famerenana niarahan'ireo mpanakanto ny fahamarinan'ilay fitenindrazantsika manao hoe '' antitra mampiady kalo ka ny antitra, antitra ihany'', mbola mitana araky ny fiteninjatovo ireto mpanakanto zokiny ireto, sady mpamorona avokoa izy ireo. Marihina fa tanora avokoa no miara-mihira sy mitendry amin'izy ireo, ny an'i Tovo Andrianandraina dia ny zafiny no efa miara-mitendry aminy, ao koa ny fiarahan'izy Telomiafy dia i Razedra(rainy ) sy Ralanto ( zanany ) ary Malm (zafiny), ka ny hira ba gasy noforonon'i Razedra sy Georges Nina no kaloin'izy Telomiafy amin'izany.
Ny taona 1958 no nisy ny Rindran-kira voalohany teto Antananarivo, feno 65 taona tamin'ity taona ity , izany no nisafidianan'ny Feon'Imerina ny Rindran-kira hanokafana ny tsingerintaona faha-25.

**Ny Valosoa**



*Salomon sy Lizah Raseta, anisan'ny handray anjara amin'ny tsingerin-taonan'ny Radio Feon'Imerina.*

Volley-Ball

# Mihetsika any Antsirabe koa

Mihetsika mikarakara fifaninanana any Antsirabe koa ny volley-ball Malagasy nanomboka ny zoma 07 aprily 2023 teo, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny 14 aprily ho avy izao. Fifaninanam-pirenena miisa 3 be izao no indray tanterahina miaraka any amin'ity tanàna ity dia ny "Coupe de Madagascar Jeunes 2023" sokajy U14 zazalahy, sy zazavavy sy ny sokajy U20 zatovolahy sy zatovovavy ary ny "Championnat de Madagascar Séniors 2ème Division" lahy sy vavy. Araka ny "règlements ny compétition" izay milaza, fa rehefa latsaky ny 4 ny isan'ireo ekipa mpandray anjara dia foana ilay "compétition". Noho izany ny fifaninanana sokajy U14G sy U16G dia foana avy hatrany, fa ny fifaninanana hoan'ny sokajy U14F - U16F - U20F - U20G - 2DF -2DM kosa dia hatao avokoa. Ireo ekipa mpandray anjara Sokajy U14 filles : Crjs (Atsinanana), Gnvb (Analamanga), Evbi (Ihorombe), Mvbc (Boeny), Evbfi (Boeny), Asca 1 (Vakinankaratra), Asca 2 (Vakinankaratra), Evra (Boeny). Sokajy U 14 garçons : Stella Maris (Atsinanana), Gnvb (Analamanga). Sokajy U20 filles : Evba (Atsinanana), Stef'Auto (Atsinanana), Gnvb (Analamanga), Bi'As (Analamanga). Sokajy U20 garçons : Gsvbc (Atsimo Andrefana), Asi (Analamanga), Mvbc (Matsiatra Ambony), Evbi (Ihorombe). Sokajy 2DF : Assm (Analamanga), Squad (Analamanga), Asi (Analamanga), Avba (Vakinankaratra). Sokajy 2DM : Sdv (Analamanga), Nadj (Atsinanana), Pôle Gnvb (Analamanga), Avba (Vakinankaratra).



*Mpilalao Volley-ball tanora Malagasy.*

**Rainilita**

Cours MA Beach Soccer

# Notontosaina tany Toamasina nandritra ny 5 andro

Nandritra ny 5 andro ny herinandro teo no natao tany Toamasina, ny "Cours MA" ho an'ny mpitsara baolina kitra "Beach Soccer", izay notontosaina tao an-tanànan'i Toamasina. Tamin'ny 4 aprily maraina, no nanaovan'ireo mpandray anjara miisa 25 ny "Fitness test" tsy maintsy natrehana tao amin'ny kianja mitafo "Gymnase Indoor Soavita", ka nanatanterahana ny "série RSA, Coda ary Ariet", teo ambany fiahian'ny mpampianatra Fifa eto an-toerana sy iraisam-pirenena. Nitarika ny fanokafana ofisialy ny Filohan'ny FMF, Andrianony Victorien, notronin'ny Talen'ny Fampandrosoana ny "Arbitrage" aty Afrika, Athanase Nkubito ary ny mpampiofana mpampianatra ny Fifa, Benchabane Lakhdar. Nisy ny fanaovana "évaluation" an'ireo mpitsara mpiofana nandray anjara tamin'ny farany ary izy ireo dia samy niatrika fotoam-pitsapana teny an-kianja avokoa.

**Rainilita**



*Cours MA Beach Soccer.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**08/04/2023 hatramin'ny 15/04/2023**

- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1423-04-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### HATRAMIN'NY ALAKAMISY IZAO

# Niakatra ho 20.000 Ar ny saran- dalana Antananarivo-Antsirabe



Nakarina ho 20 000 Ar ny saran- dalana mampitohy an'Antananarivo sy Antsirabe sy Antsirabe-Antananarivo, mandritra izao fetin'ny Paka izao ary tsy hiverina amin'ny laonina izany raha tsy amin'ny alakamisy ho avy izao. Fotoana isan'ny mahabe mpitsidika ny tanànan' Antsirabe ny vanim-potoanan'ny Paka toy izao. Misy fiantraikany amin'ny lafiny fifamoivoizana izany, ka saika isan- taona dia miseho ny korontana sy ny fanararaotana ataon'ireo mpitatitra, toy ny fampiakarana ny saran- dalana amin'izay mety amin'izy ireo. Tamin'ity taona ity anefa dia ny avy ao amin'ny antokon- draharaha misahana ny fitaterana an-tanety, na ny ATT mihitsy no nanambara ofisialy io fanondrotana ny saran- dalana io. Tsy nisy fanazavana izay tena antony, fa raha ny filazan'ny avy ao amin'ny fitaleavam- paritry ny fitaterana dia naoty avy any amin'ny minisitera mpiahy, io fanitsiana ny saran-dalana ho 20.000 Ar io raha 15.000 Ar izany amin'ny vanim- potoana tsotra. Nanamarika kosa anefa ny avy ao amin'ny ATT, fa ho hentitra ny fanaraha- maso ny mety ho fadikan-dalàna, toy ny fampiakarana olona eny amin'ny sisiny, ny fitondrana mpandeha antsokosoko, ny fanaovana taingim- be sy ireo maro tsy voatanisa. Ahitana mpitandro filaminana mihoatra noho ny mahazatra araka izany ny lalampirenena mihazo an'Antsirabe. Nisy ihany koa ny fanentanana ireo mpandeha ny amin'io fanajana ny lalàna io, toy ny tsy fandraisana fiara mpitatitra raha tsy amin'ny toerana voatokana amin' izany, sy ny famporisihana azy ireo, mba ho sahy mitoroka raha mahita na iharan'izany. Mampiavaka sy mampalaza an'Antsirabe ny fetin'ny Paka, ka ifatofana hatrany ny fanatrehana sy fandraisan'anjara ary ny fikarakarana ireo hetsika ara- javakanto, ara- panatanjahatena ary ara-ekonomika amin'ireo toerana maro isan- taona.

***Ambinintsoa***

### Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Hanovana lasintsain'ny seha-panabeazana ny dinika manaraka


Anisan'ny adihevitra lehibe eto amin'ny firenena tato anatin'ny taona maromaro izao ny lamina eo amin'ny seha-panabeazana. Iaraha-mahalala fa ny seha-pampianarana no anisan'ny sehatra be olana indrindra ary tsy afak'olana. Mifamahofaho ao anatin'izany ny momba ireo mpisehatra fototra lehibe ao anaty fanabeazana: sekoly, mpampianatra, mpianatra. Eo ihany koa anefa ny tomponandraikitra ara-panjakana misahana ny fampianarana sy fanabeazana. Anisan'ny iompanan'ny adihevitra tato ho ato ny amin'ny fandaminana ny fotoam-pianarana. Ny fototr'izany dia ny momba ny amin'ny fotoam-pahavaratra sy ny maitso ahitra, ka mampiato matetika ny fampianarana noho ny fisian'ny rivodoza sy toetrandro sy ny loza aterak'izany. Ny adihevitra dia ny amin'ny tokony na tsy tokony hanisahana ny fotoam-pialan-tsasatra lehibe ho amin'io vanim-potoana io, mba hitsinjovana ny mpianatra sy ny fahasahiranan'ny ray aman-dreny. Mila fandinihana lalina sy feno fahendrena ny fanapahankevitra raisina ny amin'izany, mba tsy hisy fahadisoana amin'ny hoavy.
Mitaky ny fanovàna lasintsaina ny fitantanana ny sehapanabeazana, mba hahafahana mizotra amin'ny fanavaozana takian'ny vanim-potoana amin'izao fotoana izao. Io fanovàna lasintsaina io dia lalana tsy maintsy hidirana sy hifotorana raha tiana ny hahombiazan'ny seha-panabeazana ho marin-toerana sy hiakaran'ny lentany. Mifototra amin'izany ny dinik'asa ataon'ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) ankehitriny ary hiompanan'ny varavarana misokatra izay hotanterahiny ny alatsinainy 17 Aprily ho avy izao eny Antaninarenina. Hojerena ihany koa ao anatin'izay ireo sehatra hafa efa natomboka nifanakalozan-kevitra ny Alarobia 8 Martsa lasa teo. Asaina hatrany hanatrika izany ireo efa nandray anjara tamin'io varavarana misokatra voalohany io, ary toy izay ihany koa ireo olona liana amin'izany. Ny fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 430**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0429)

***Mitsivalana***
- Andriana
- Kiraro
- Fo (miv) – Naka
- Nindrana
- Ory
- Rà – Imamo
- Otra – Hao

***Mitsangana***
- Akondro
- Nify – Ta (miv)
- Dr – No
- Randria
- Mirary (miv)
- Aoka – Ha (miv)
- Amena (miv)
- As – Oo

## TENY MIFANAPAKA N° 430




**Mitsivalana**

**1.** Havizanana **2.** Ranom-bava – Maneho ranomasimbe **3.** Rindran-teny **4.** Fitaovam-pihinana – Saka **5.** Vonjeo, tsinjovy **6.** Kitapo nifonosana – Anelanelan'ny valo **7.** Biby masiaka (miv) – Matoanteny (miv) **8.** Tsy tokony natao fa mandatsa – Asa **9.** Fankatoavana (miv) **10.** Aiza ? – Azo amin'ny voaloboka

**Mitsangana**

**A.** Hamendrehana **B.** Aotra – Ankasitrahana **D.** Tarihinay **E.** Lapan'ny mpanjaka (miv) – Ahodina (miv) **F.** Vahiny aziatika – Vizana **G.** Lio – Leha (miv) **H.** Marika – Solfa **I.** Lovia (miv) – Tontosa (miv) **J.** Bengy – Tovona **K.** Maneho fivoriambe – Bibikely mangidihidy

### Valiny Teny mifanaraka 0429

**Mitsivalana**

**1**.Latabatra **2**. Tale (miv) - Antso (miv) **3**. Hanitra - Ar **4**. Iny - Reko **5**. Lanitra - Na **6**. Koa (miv) - Enina **7**. Nka **8**. Lasantsy (miv) **9**. Tsiny - Ota **10**. AAA - Aviavy

**Mitsangana**

**A** Lehilahy **B**. Alanao - Sta **D**. Taninketsa **E**. Aty - Ny **F**. Tetezana **G**. Roa (miv) - RN - Siv(y) **H**. Tsaraina **I**. RT - Naloa **J**. Kankana (miv) - TV **K**. Aroa - Anay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Niara-niombom-bavaka tao amin'ny FJKM Imerinkasinina, ny filoha Marc Ravalomanana mianakavy, ny fetin'ny Paska ny alahady teo.**










**Nanentana ireo mponina tany amin'ny kaominina Tanamarina ny mpikatroka TIM, mba hiditra anaty lisi-pifidianana tany amin'ny distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo ny alakamisy lasa teo.**







